# 2 NY FITODIKY NY LAZAINA TOMPON-JAVATRA

## TANJONA

Manavaka ny fehezanteny manana fitodika TOMPON-JAVATRA sy ny L manana HAD  amin'ny LAZAINA TOMPON-JAVATRA.

## VONTOATIM-PAHALALANA

Tompon-javatra ny HAD ny L ary mitodika amin'ny L tompon-javatra ny fehezanteny raha toa ka :

- ny EM dia tsy matoanteny ary andianteny mivadi-drafitra
- mivany 2 ny FKI ka mitodika amin'ny mpamari-toe-javatry ny tompon-javatra ny L.

Tompon-javatra ny HAD ny RF ary mitodika amin'ny RF tompon-javatra ny fehezanteny raha toa ka :

- ny EM dia tsy matoanteny ary andianteny mivadi-drafitra
- mivany 3 ny FKI ka mitodika amin'ny mpamari-toe-javatry ny tompon-javatra ny RF rehefa navadika ho RF ilay L.

### Sahanasa 1

Omeo ny hevitra ara-drafitr'ireto fehezanteny manaraka ireto.

F1 : Maro mpanenjika ny olona tia fivoarana.

F2 : Mahatsara tarehy ny vehivavy lehibe ny fanasana endrika amin'ny rano matimaty.

F3 : Vitsy mpiaro ny vahoaka sahirana.

F4 : Mahavaky loha ny mpitondra ny firongatry ny valan'aretina izao.

F5 : Ratsy fiafara ny mpangalatr'omby.

### Sahanasa 2

Mampitombo ny fahaizana.

Mamorona lahatsoratra ahitana fehezanteny 10 (folo) milazalaza ny fandalovan'ny rivodoza teo an-tanana.